

RAFAORATRA

Tantaran-dRAFAFORATRA

- 1- Rafararoratra dia avy any Imenabe.
- 2- Raha nandeha Randriamanjakasoavinarivo (1), dia tonga tany Menabe hivarobaroatra.
- 3- Dia notsindrian-javatra tany izy, ka hoy ilay zavatra nanindry azy :
 - "Aza nivarotra intsony hianao Randriamanjakasoavinarivo, fa izaho no ento, fa hahasoa anao aho, ka -alao aroa anatin'ny tantely aho, fa raha mitondra ahy hianao, dia ho mavy amin'Andriana ho mavy aman-bahoaka ; nefa na hitondra ahy aza hianao, dia tsy ho anao aho tsy akory, fa ny Manjaka no hanana ahy, ka hanonpo sy hanome voninahitra ahy, ary olona naro no hanaja ahy .
- 4- Ka ento aho, fa tsy entana hahavesatra anao aho, fa hiaro ny tanin-drazana, hiaro ny fanjakana."
- 5- Nefa tsy mbola hita-maso Rafaroratra raha niteny toy izany, fa ny feony fotsiny no re. Dia niteny ^oanakapo Randriamanjakasoavinarivo hoe :
 - "Aiza re izany zavatra niteny izany e ?Sady nijery ny nanodidina izy, fa tsy nahita ilay niteny taniny.
Dia hoy izy hoe :
 - "Raha hahasoa ahy ary hianao, ka hanariako ny varetro, dia nanatona eto anatrehako".Dia tonga teo anatrehan-dRandriamanjakasoavinarivo Rafaroratra, dia nazavazava tao an-trano noho ny ^ovoninahitry Rafaroratra.
- 6- Dia niteny tamin-tahotra Randriamanjakasoavinarivo, ka nanao hoe:
 - "Hataoko ahoana ny hahazaka anao ?

1) Randriamanjakasoavinarivo io dia zanak'Andriatomponitany.

Histoire de RAFARORATRA

Rafaroratra venait du Menabe. -1

Une fois que Randriamanjakasoavinarivo (1) voyageait, il arriva dans -2
le Menabe pour y commercer.

Il y fut chevauché par un esprit, et cet esprit qui le chevauchait -3
lui dit :

- "Cessez votre commerce, Randriamanjakasoavinarivo, et prenez-moi pour
n'emporter, car je ferai votre bien, -aller me chercher là dans le miel
et si vous n'emportez vous serez doux au coeur du Prince, vous serez doux
aux coeur du peuple ; cependant même si vous n'emportez, je ne vous ap-
partienndrai nulllement, car c'est le Roi qui n'aura, et me servira et n'ho-
norera, et c'est un grand nombre de gens qui ne respecteront.

Aussi emportez-moi, car je ne vous serai une lourde charge, moi -4
qui protégerai la terre ancestrale, qui protégerai le royaume".

Or Rafaroratra était encore invisible tandis qu'il parlait ainsi, -5
et c'est seulement sa voix qu'on entendait. Randriamanjakasoavinarivo se
dit en lui-même :

" Où est donc cet esprit qui parle ?", et en même temps il regarda à l'en-
tour, mais il ne vit pas celui qui lui parlait. Alors il dit :

- "Si donc vous devez faire mon bien, et que pour vous je dois délaissier
mon commerce, présentez-vous devant moi".

Rafaroratra se présenta devant Randriamanjakasoavinarivo, et tel était
l'honneur de Rafaroratra qu'il se mit à faire plus clair à l'intérieur de
la maison.

Randriamanjakasoavinarivo prit la parole avec crainte et dit : -6

- "Comment puis-je faire pour vous supporter ?

1) Ce Randriamanjakasoavinarivo était le fils d'Andriatomonitany (Note
du Manuscrit).

Dia hoy Rafaroratra Andriamanitra :

- "Ny rano lalina tsy hitsobohanao fa izaho no lakana hampita anao, ny bibin-drano tsy haninona anao, ary tsy ho noana fa izaho no tonpon'ny ombinanga".

Dia hoy Randriananjakasoavinarivo :

- "Hataoko ahoana no ^ofamatarako anao Rafaroratra Andriamanitra ?

Dia nilaza famantarana taniny Rafaroratra Andriamanitra hoe :

- "^oRahapitso vaki-masoandro, dia ho tonga aho, ka hisy haolo (ombinanga) telo-fito ho tonga eto, ka eo ^oany ny tandroky ny onby ^oanankiray izay eo aloha indrindra aho".

7- Ary nony narain'iny andro iny, ka vao vaki-masoandro, dia indre-te tonga ny onby haolo 21, avy any andrefana, dia nojerena-dRandriananjakasoavinarivo, ka ny onby ilay nahatahotra iny, ka tonga nalenifanahy sy nibonaika toy ny onby hova.

8- Dia nanaraka ny onby teo aoriana Randriananjakasoavinarivo, ka faly toy ny nahazo babo, niramirana toy ny avy mandresy.

9- NY NIARAHAN-DRAFARORATRA SY RANDRIANANJAKASOAVINARIVO TENY AN-DALANA SY NY ZAVATRA MAHAGAGA NISEHO TANIN'IZANY.

10- Dia nandroso ^otany ny diany Randriananjakasoavinarivo, nitondra an-dRafaroratra hiakatra Imerina, dia noana, ka nitony tanin-dRafaroratra Andriamanitra hoe :

- "Noana aho Andriamanitra, ka onco hanina hahatanjaka ahy, fa tsy nandoha irery aho, fa niaraka aninao !

11- Rehefa nitaraina hanoanana toy izany Randriananjakasoavinarivo, dia potraka ny onby anankiray (fa onby 21 no niaraka taniny) ; dia hoy Rafaroratra :

- "Rasao ka potipoteho ka ataovy 20 toko, ka ento izay zakanao sy naha-voky anao, ary ny tsy zakanao ho entin'ny onby".

Divin Rafaroratra répondit :

- "L'eau profonde, vous n'y descendrez pas, car c'est moi qui suis la pirogue qui vous fera traverser, les monstres aquatiques ne vous feront rien, et vous n'aurez pas faim, car c'est moi qui suis le maître des bœufs sauvages".

- "Comment n'y prendrais-je pour vous reconnaître, divin Rafaroratra ?

Divin Rafaroratra lui indiqua une façon de le reconnaître en disant :

- "Demain au lever du soleil, je viendrai : il y aura sept fois trois bœufs sauvages qui viendront ici et je serai dans les cornes du bœuf qui sera tout en avant".

Et au matin de ce jour, juste au lever du soleil, voici qu'arrivèrent les vingt-et-un bœufs sauvages, venant de l'ouest, et Randriamanjakasoavinarivo les regardant, s'aperçut que ces bœufs d'habitude si terribles, étaient devenus aussi doux et aussi paisibles que les bœufs de l'Eyrne. -7

Randriamanjakasoavinarivo suivit les bœufs par derrière, aussi content que celui qui rapportait des captifs, aussi radieux que celui qui venait de vaincre. -8

Comment Rafaroratra et Randriamanjakasoavinarivo firent route ensemble, et les choses étonnantes qui apparurent alors. -9

Portant Rafaroratra pour monter en Eyrne, Randriamanjakasoavinarivo poursuivit sa route, et ayant faim, il s'adressa à divin Rafaroratra en ces termes : -10

- "J'ai faim, Ô Dieu ; aussi donnez-moi de la nourriture pour me fortifier, puisque je ne vais plus seul, mais en votre compagnie !

Quand Randriamanjakasoavinarivo se fut plaint de la faim de cette sorte, un bœuf (en effet les vingt et un bœufs les accompagnaient) s'effondra. Rafaroratra dit : -11

- "Découpez-le, faites-en de petits morceaux, partagez-le en vingt tas et prenez ce que vous pouvez porter et qui puisse vous rassasier ; et ce qui sera de trop, les bœufs le porteront".

Dia nitondra izay zakany izy ka nahandro, dia nihinana ka voky, ary ny tsy zakany, dia nentin'ny onby teny hiany.

12- Ary nony afaka kely indray, dia niteny indray Randriananjaka-soavinarivo hoe :

- "Te-hihinan-bary ~~ho~~ Andriamanitra o !

Dia niezaka ny onby haolo 5 lahy, ka nanenjika ny olona nitondra vary, dia nandositra ireo olona ireo ka napetrany tee ny vary, dia notra-baran'ny onby ny tandrony ny ^osibiky sy ny kitapo nisy ny vary ka nentiny nanatona an-dRafaroratra sy Randriananjaka-soavinarivo, dia nandrahoiny ka nohaniny, dia voky izy.

13- Ary nonyalina ny andro, dia tonga indray Rafaroratra Andriamanitra, ka nanindry an-dRandriananjaka-soavinarivo, ka nanao hoe :

14- " Indro ny onby ~~anankiray~~ ho voneiko, ka doroy any an-tendronbehitra izay avo indrindra ny trafony sy ny saborany, fa ny raiko sy ny reniko any an-danitra, ka didy nomeny ahy izany ; raha aty an-tany aho, dia noneny anarana hoe, Andriamanitra Rafaroratra, fa raha any an-danitra kosa aho, dia zanak'Andriamanitra, na zanak'Andriananahary, izany no anarako, ka ny eto an-tany noneny hanjakàko sy ho didiko.

15- Rasociao nataoko, ka ny haolo noneko azy ; Ibolajia nataoko ; ka ny ala noneko azy ; Ilolondrano nataoko, ka ny rano noneko azy ; Ikelilavavolo nataoko, ka ny sikidy noneko ho didiany ; Inanjakatani-zehy nataoko, ka ny haren'olona no ateriny ho azy.

16- Inanangalavitra sy ny Malainkisaraka sy ny Tsiavihisaraka, nataoko handidy ny fitia ^oany ny lehilahy sy ny vehivavy miray ireo, ka andeha isika handeha, fa izaho tsy manerina ny efa noneko ; ary izao kosa no entinao, dia ny hilazanao ny soa vitako ^oany ny Manjaka.

Il prit ce qu'il pouvait porter et le fit cuire, puis il mangea et fut rassasié ; et ce qu'il ne put enporter, les bœufs le portèrent néanmoins.

Et à nouveau quelques temps après, Randriamanjakasoavinarivo reprit la parole : -12

- "J'ai envie de manger du riz, ô Dieu !

Alors cinq taureaux sauvages s'élançèrent à la poursuite de gens qui portaient du riz ; posant là leur riz, ces gens prirent la fuite ; les bœufs enfoncèrent leurs cornes dans les grandes corbeilles et les sacs qui contenaient le riz et ils les enportèrent auprès de Rafarotra et de Randriamanjakasoavinarivo ; il en fit cuire et en mangea ; et il fut rassasié.

Et, quand ce fut la nuit, divin Rafarotra vint à nouveau, et chevauchant Randriamanjakasoavinarivo, lui dit : -13

" Voilà : je vais mettre à mort l'un des bœufs ; brûlez sa bosse et sa graisse au sommet de la montagne la plus élevée, car mon père et ma mère sont dans le ciel et c'est là un ordre qu'ils m'ont donné. Lorsque je suis sur la terre, il m'appelle Dieu Rafarotra, mais lorsque je suis dans le ciel, c'est fils de Dieu ou fils d'Andriananahary qui est mon non, et ce qui est sur la terre, ils me l'ont donné pour que j'y règne et que j'y décide. -14

" Rasoalao, je l'ai faite, et ce sont les bœufs sauvages que je lui ai donnés ; Ibolajia, je l'ai fait, et c'est la forêt que je lui ai donnée ; Ilolondrano, je l'ai fait, et c'est l'eau que je lui ai donnée ; Ikelilavavolo, je l'ai fait, et c'est la divination que je lui ai donnée pour qu'il en dispose ; Inanjakatanizehy, je l'ai fait, et ce sont leurs richesses que les gens lui apportent pour lui. -15

Inaningalavitra, les Malainkisaraka et les Tsiavihisaraka, je les ai faits pour qu'ils décident de l'amour entre hommes et femmes ; ces trois là n'en font qu'un. Aussi partons, car moi je ne reviens pas sur ce que j'ai déjà donné, et voici quelle sera votre charge ; ce sera de rapporter mes bienfaits au Souverain. -16

17- Izae no ho lazainao ^o any ny Manjaka.

18- Ny onby mandry eny antsaha, ny trano tsy ho hidina, ny zaza handeha irery, na (1) havandra tsy hilatsaka ^o any ny vary intsony, ny rivotra tsy handrava ny trano, ny nosary tsy hanjo ny olona rehetra intsony, fa ny nosary nangidy ho tonga taon-jina, ny tranon'ny Mpanjaka harovako tsy ho main'ny afo, ny zavatra ao an-trano harovako tsy halain'ny mpangalatra, ny vadin'ny mpitahiry ahy harovako tsy halain'ny olona, ary ny fahavelon'ny mpanjaka ho janba, fa izaho no mpiaro tsy hita-naso, fa ny ahitanao ahy Randriananjakasonvina izao ankehitriny izao dia tiako hitondra ahy hianao, ka mahaiza milaza ahy raha tonga any ^o any ny mpanjakanao, ka lazao hoe : Tonga ny mahery, tonga ny tsy resy ; fa ny Mpanjakanao maro Andriamanitra, ka asaovy fidiny izay marina, fa raha tonga ny marina resy ny lainga ; ka raha tonga aho dia hanavaka ny tsy izy, ary hifidy izay ho namako, fa tonga ao ^o any ny mpanjakanao ao izao ny mpanitaka sy ny mpisoloky, ka ny marina hiary no avelako ho tanany. Ka zaranao fa sendra ahy Andriamanitra soa, fa hany ataoko aminao kosa : Raha vao tonga isika, dia hasino sy onco voninahitra aho, fa izaho no tsy ambanin-javatra, nahary an-tany, nandidy mpanjaka maro, Masina tonpon'ny ^o haky, tonpon'ny Aserotany, mpanjakan'ny Alakaosy, tonpon'ny Vintana 12, nanpaniry ny hazo, nampiboibeika ny loharano.

19- Vao manavao ahy hianao ka tsy mbola mahalala ny fombako, fa vao ny hery telo no hitanao, dia ny onby haolo 21 nentina nataoko naleaifanahy, sy ny vary nampanalaiko ny onby 5 lahy sy ny onby nasaiko novonodina ka nitondranao hena izay zakanao ary izay tsy zakanao dia nentina'ny onby namany hiary. Ireo hiary no hery hitanao, fa ny -nasoandro sy ny volana ary ny kintana ary ny lunitra sy ny tany, ny mazava sy ny aizina, ny avaratra sy ny atsino etc, ireo no hataoko vavolonbelona

1) C'est sans doute un lapsus pour : ny.

Voici ce que vous rapporterez au Souverain :

-17

Les boeufs dormiront dans les champs, les maisons ne seront pas fermées, les enfants iront seuls, la grêle ne tombera plus sur le riz, le vent ne détruira plus les maisons, la famine ne frappera plus tous les gens, car la disette anère se transformera en année d'abondance, la maison du roi je la protégerai du feu, les choses dans la maison, je les protégerai des voleurs, l'épouse de mon gardien, je la protégerai de la séduction, et les ennemis du roi deviendront aveugles, car c'est moi le protecteur invisible. Et si vous, Randriamanjakasoavina, vous pouvez me voir en ce moment, c'est parce que je veux que vous n'emportiez ; sachez donc ne célébrer quand vous arriverez chez votre roi, et dites-lui : "Voici le puissant, voici l'invincible. En effet, votre Roi a plusieurs Dieux, il faut donc lui dire de choisir ceux qui sont vrais, car quand arrive la justice, le mensonge est vaincu ; et quand j'arriverai, j'écarterai ceux qui sont faux et je choisirai ceux qui seront mes compagnons ; car sont arrivés à cette heure chez ton Roi, les trompeurs et les imposteurs, je ne lui laisserai garder que les vrais. C'est donc votre chance de m'avoir rencontré, moi qui suis le Dieu bon, voici tout ce que je vous demande : Dès que nous seront arrivés, offrez-moi le hasina et honorez-moi, car c'est moi, qui suis au-dessus de tout, qui ai créé ce qui est sur terre, qui dispose de plusieurs rois, je suis le Saint maître de la majesté (1), maître du Cancer, roi du Sagittaire, maître des Douze Destins, je suis celui qui fait pousser les arbres et jaillir les sources.

Vous ne connaissez depuis si peu que vous ne connaissez pas encore mes coutumes, puisque vous n'avez encore vu que trois de mes pouvoirs : il y eut les vingt-et-un boeufs sauvages qu'on a emmenés et que j'ai rendus doux ; il y eut le riz que j'ai fait prendre par cinq taureaux ; et il y eut le boeuf que je vous ai fait tuer et dont vous avez emporté ce que vous avez pu de la viande, tandis que les autres boeufs portaient ce que vous n'avez pu porter. C'est tout ce que vous avez vu de mes pouvoirs, mais le soleil, la lune et les étoiles, le ciel et la terre, la lumière et l'obscurité, le nord et le sud, etc..., de tous, je ferai les témoins

1) ^o Haky dans le manuscrit doit-il être lu hanky, c'est-à-dire "usage, coutume", ou : hako, c'est-à-dire "majesté, grandeur"?

hampischoako ny heriko. Fa, F, Fa : Tsy nitranga tsy vory vahoaka ny heriko".

20- Ireo no resadresaka nataon-dRafaroratra Andriamanitra tamin' Andriananjakasoavinarivo, raha mbola tany an'efitra izy.

21- Rehefa nandroso hiany ny diany, dia nanaky ny tanin-pahavalo izy ireo (Andriananjakasoavinarivo sy Rafaroratra Andriamanitra sy ny onby 19 sisa) ka nandry teo an-tanin-pahavalo nony alina ny andro. Dia hitan'ny fahavalo^o tany ny antoandro, fa olona iray hiany no nandroaka onby naro fa ny Andriamanitra Rafaroratra tsy hitany, niantso^o and-Randriananjakasoavinarivo ny fahavalo 60 lahy (sady mitondra basy anan-defona) hoe :

- "Atrotrahy (avelao) lahy ny renbinao fa tsy anao intsony !"

Nefa narevan'ny herin-dRafaroratra Andriamanitra izy, ka ireo sany fahavalo indray no nifampitonbodefona teo, ka ritra maty teo an-tanaty.

22- Dia nandroso nandeha hiakatra Inerina hiany Randriananjakasoavinarivo sy Rafaroratra ka nitondra ny onby.

23- Ny lalana fandeha indroandro, dia nataony indray andro hiany, nefa tsy nba sasatra na noana izy, fa Rafaroratra Andriamanitra noa no nitondra azy.

24- Ary nony tonga tao amin'ilay rano lehibe sady be namba (1) atao hoe Ibony, dia hoy Rafaroratra Andriamanitra :

- "Antsoy ny namba hampita anao fa sasatra ny onby".

Fa hoy Randriananjakasoavinarivo :

- "Matahotra aho, tonpoko, Andriamanitra ".

Dia hoy Rafaroratra :

- "Hita aloha ary ny onby ho jerena".

Dia nita ny onby ka tsy nisy nihinana azy ny namba ny iray aza fa nanidina teny ambenin'ny onby Rafaroratra. Ary nony tafita ny onby, dia nanidina niverina indray izy, ka niteny hoe :

1) Ms : naba.

des manifestations de ma puissance. Ha, F., Fa... En effet, ma force ne se manifeste qu'en présence d'un grand rassemblement de peuple".

Telles furent les choses dont Rafaroratra entretint Andriamanjakasoavinarivo, lorsqu'ils étaient encore dans le désert. -20

N'ayant cessé de poursuivre leur route, ils (Andriamanjakasoavinarivo, Rafaroratra et les dix neuf boeufs restants) traversèrent le pays des ennemis, et ils arrivèrent là dans le pays des ennemis quand ce fut la nuit. Et quand il fit jour, les ennemis se rendirent compte que c'était un seul homme qui poussait de nombreux boeufs, car le Dieu Rafaroratra leur restait invisible. Soixante ennemis (portant fusils et sagaies) crièrent à Randriamanjakasoavinarivo :

- "Laisse tomber ta proie, homme ! car ce n'est plus à toi !".

Mais il fut protégé par la puissance de divin Rafaroratra, et c'est entre eux que ces ennemis se mirent à se battre à coup de sagaies et ils moururent tous jusqu'au dernier sur la colline.

Randriamanjakasoavinarivo et Rafaroratra continuèrent à progresser dans leur montée vers l'Ehyrne, conduisant les boeufs. -22

Le chemin que l'on fait habituellement, en deux jours, ils le faisaient en un seul jour, sans être ni fatigués ni affanés, puisque c'était divin Rafaroratra qui les conduisait. -23

Et quand ils arrivèrent près de ce grand fleuve infesté de crocodiles que l'on appelle l'benaloy, divin Rafaroratra dit :

- "Appelez les crocodiles pour vous faire traverser, car les boeufs sont fatigués". -24

Mais Randriamanjakasoavinarivo rétorqua :

- "J'ai peur, Monsieur, mon Dieu".

Rafaroratra dit :

- "Les boeufs traversent donc les premiers pour que vous puissiez voir".

Les boeufs traversèrent sans qu'aucun des crocodiles ne les attaquât, car Rafaroratra volait au-dessus des boeufs. Et quand les boeufs eurent

- "Andeha ary isika hita, fa aza natchotra, fa tsy hohanin'ny namba hianao sy ny taranakao."

Rehefa nahare izany teny mahafaly izany izy, dia afaka ny tahotra ka natoky izy. Dia nantsoiny ny namba ka indreo izy rehetra sany nampiseho ny lanosiny eo anato-rano avokoa, dia nandeha eo an-danosin'ny namba izy, ka toy ny nitety vatolampy.

25- Ary nony tafita ny rano tao ^oIbenaloy izy ireo, dia hoy Rafaroratra :

- "Angalao ny hena ^oRandrianjakasoavinarivo ka anonezo ny namba, fa sasatra ny nampita antsika fa izany no namba anjarany aniko".

26- Dia nalatsaky ny onby diny ny hena nentiny teny an-tandrony ho anjara-fihinan'ny namba, ka nifandronbaka ny namba tao anati-rano.

27- Dia gaga Randriananjakasoavinarivo raha nahita izany ; dia nandeha izy sy Rafaroratra sy ny onby 19, ka nony tonga tao ^oany ny ala Ikifity, dia nisy haolo betsaka hitany indray, dia niteny Rafaroratra Andriananitra, ka nanao hoe :

- " Andeha nba niverina hianareo ry onby haolo andrefana, fa ny ontanareo aoka ho entin'ny onby haolo eto!"

28- Dia ^oniakandrefana ireo onby haolo ireo, ka faly ^onaninganga ranbo avokoa, fa hody any ^oany ny tany nihaviana. Dia nohafaran-dRafaroratra izy ireo rehefa ho lasa hoe :

- "Tsidihy sy vangio matetika ny tany nipetrahako".

Dia niatoka ny lohan'izy rehetra fa nanaiky ny hafatra, dia lasa izy rehetra.

29- Dia niantso indray Rafaroratra hoe :

- "Avia kosa hianareo ry haolo eto, handinby ny ontana nentin'ny teo aloha".

traversé, il revint en volant et déclara :

- "Venez, nous allons traverser ; et n'ayez pas peur, car les crocodiles ne vous mangeront pas, ni vous ni vos descendants".

Quand il eut entendu ces paroles réjouissantes, sa peur disparut et il eut confiance. Il appela donc les crocodiles, et voilà que tous ceux-ci sortirent leur dos à la surface de l'eau, alors il marcha sur le dos des crocodiles, et ce fut comme s'il passait sur un grand rocher plat.

Quand ils eurent traversé le fleuve d'Ibonaloy, Rafaroratra dit: -26

- "Prélevez une partie de la viande et donnez-la aux crocodiles, Randriamanjakasoavinarivo, car ils se sont fatigués à nous faire traverser, tel étant leur partage dans l'accomplissement des devoirs qui ne sont dûs,

Alors cinq boeufs laissèrent choir la viande qu'ils portaient sur leurs cornes pour que ce soit la part de nourriture des crocodiles, et les crocodiles qui étaient dans l'eau se la disputèrent.

Randriamanjakasoavinarivo fut étonné, quand il vit cela. Lui, Rafaroratra et les 19 boeufs poursuivirent ensuite leur route et quand ils arrivèrent dans la forêt d'Ikifity, il vit de nouveau un grand nombre de boeufs sauvages. Divin Rafaroratra prit la parole et dit :

- "Allez ! Permettez-vous de rentrer maintenant, ô vous les boeufs sauvages de l'ouest, et que vos fardeaux soient portés par les boeufs sauvages d'ici".

Ces boeufs sauvages se tournèrent vers l'ouest, et également contents ils redressèrent tous leur queue, car ils allaient rentrer dans leur pays d'origine. Rafaroratra leur recommanda au moment de leur départ: - "Allez voir et visitez souvent le pays où j'ai demeuré". Ils acquiescèrent tous de la tête car ils étaient prêts à suivre cette recommandation. Puis ils partirent tous. -28

Et Rafaroratra cria à nouveau :

- "Quant à vous, ô boeufs sauvages d'ici, venez à votre tour prendre en charge les petits bagages qu'ont portés vos prédécesseurs". -29

Dia tonga teo ny onby haolo 21 hafa ka nitondra ny entana nentin' ny teo aloha (dia ny vary sy hena) ka naleny fanahy indray aza ireo noho ny teo aloha.

30- Rehefa niala tao Ikifity ala izy reo, dia tonga ao amin'ilay re- no ngezabe atao hoe Imanangaina, izay be namba sy ^o fananipitoloha. Ary nony nijery ny fanany Randriananjakasoavinarivo, dia tsiravina ka ni- teny irery hoe :

- "Nahita loza nahita loza aho".

Dia niteny Rafaroratra hoe :

- "Aza matahotra hianao na dia nisy loza hitan'ny maso aza, fa tsy loza ireny, fa tonga harpita ahy Andriamanitra.

31- Nony nahare izany teny izany Andriananjakasoavinarivo, dia afaka indray ny tahony toy ny teo aloha ka nita ny onby, ary ny namba no nampita azy ary Rafaroratra niaraka ^o tany ny onby, dia niverina indray izy ka nipetraka teo an-dohan-dRandriananjakasoavinarivo rehefa hita izy, dia ny fanany no natao tetezana nita'izy sy Rafaroratra Andria- manitra.

32- Rehefa tafita teo ^o any ny rano izy, dia hoy Rafaroratra :

- "Sasatra nampita antsika ny namba sy ny fanany, ka oneo azy ny onby iray".

Fa hoy Andriananjakasoavinarivo :

- "Betsaka izy, tonpoko ; ka tsy ampy azy ny onby iray.

Dia hoy Rafaroratra :

- "Firy no ho ampy azy ?

- "Folo, tonpoko e, no ampy azy, hoy Randriananjakasoavinarivo.

Dia niantso indray Rafataka hoe :

Et il se présenta un nouveau groupe de vingt-et-un boeufs sauvages qui se chargèrent des bagages (c'est-à-dire le riz et la viande) que portaient leurs prédécesseurs et ceux-là étaient même d'un naturel encore plus doux que les précédents.

Quand ils eurent quitté la forêt d'Ikifity, ils arrivèrent près de cet immense fleuve appelé Inanangina et où pulullent crocodiles et hydres à sept têtes. Et quand Randriamanjakasoavinarivo aperçut les hydres, il en fut horrifié et se mit à parler tout seul :

" Voilà bien le malheur ! Voilà bien mon malheur ! ".

Alors Rafaroratra prit la parole pour dire :

- "N'ayez pas peur même si vos yeux voient le malheur, car ce n'est pas un malheur qui vient ; ils sont venus pour me faire traverser, moi qui suis Dieu".

Quand Andriamanjakasoavinarivo entendit ces mots, sa peur disparut à nouveau comme précédemment : les boeufs traversèrent et ce furent les crocodiles qui les firent traverser mais Rafaroratra accompagna les boeufs. Ensuite, il revint et se posa sur la tête de Randriamanjakasoavinarivo quand celui-ci fut sur le point de traverser, et ce furent les hydres qui lui servirent de pont quand il traversa avec divin Rafaroratra.

Quand ils eurent traversé le fleuve, Rafaroratra dit :

- "Les crocodiles et les hydres se sont fatigués à nous faire traverser, aussi donnez-leur un boeuf".

Mais Andriamanjakasoavinarivo rétorqua :

- "Ils sont nombreux, Monsieur, et un boeuf ne peut leur suffire".

Rafaroratra demanda :

- "Combien leur en faut-il ?

- "C'est bien dix, Monsieur, qu'il leur faut, dit Randriamanjakasoavinarivo.

Alors Rafataka (1) appela une nouvelle fois :

1) Sans doute s'agit-il ici d'une erreur du copiste. Dans le manuscrit, l'histoire de Rafataka précède celle de Rafaroratra.

- "Avia ry ombinanga ery andafy andrefana.

Dia tonga ny haolo 100 lahy, dia hoy Rafaroratra :

- "Midina ao anati-rano ny 20 ho anjaran-fihinan'ny mamba sy ny fanany".

Raha vao nirtsaka ho anati-rano ireo, dia nosavihin'ny mamba sy ny fanany, ka nepotipotahiny vetivety dia lany avokoa.

33- Dia vac nainka gaga ^oAndrianjakasoavinarivo ka niteny anakampò hoe :

- "Raha izaho lahy no nasian'ireo, tsy hahanando ny nifiny akory, fa ny omby 20 aza nohaniny indray mahanasakatono-valala, ka nainka raha olona no azon'izany".

34- NY NIFANKA ITAN-DRANDRIANANJAKASOAVINARIVO TAMIN-DRAFARALAHIMBAKAOANOSY (zandriny) SY NY SOA AZON'IZY MIRAHALAHY

Dia nialinga ^oniantsinanina indray Rafaroratra sy Randriananjakasoavinarivo sy ny omby 21, dia nifanona ^otanany ny zandriny mandeha hivarotra izy (Rafaralahimbakoanosy no anarany). Rehefa nifankahita izy, dia nifampiarakaba tao, dia niteny Rafaralahimbakoanosy (zandriny) hoe :

- "Sanbatra hianao, razoky, fa nahazo omby betsaka.

Zokiny :

- "Angaha ireo dia ombiko, fa tsy an'Andriamanitra."

Zandriny :

- "Inona no zavatra tsy an'Andriamanitra ?

Zokiny :

- "Tsy nisy izay tsy an'Andriamanitra, fa ireo omby ireo dia tsy hariko fa an'Andriamanitra izay niaraka anintsika.

Zandriny :

- "Fa angaha isika manana Andriamanitra manokana ?

Zokiny :

- "Eny, lehiroa, fa nisy Andriamanitra antsika manokana ety anin'izika izao.

- "Venez, ô boeufs sauvages qui êtes sur ce versant à l'ouest de nous".

Cent taureaux sauvages arrivèrent. Rafaroratra dit :

- "Qu'il en descende vingt dans l'eau pour la nourriture des crocodiles et des hydres".

Dès que ces boeufs pénétrèrent dans l'eau, les crocodiles et les hydres les renversèrent, puis ils les réduisirent rapidement en petits morceaux, et les avalèrent tous.

Andrianjakasoavinarivo fut bien plus étonné encore, et se dit en lui même : -33

- "Eh bien ! si c'était à moi que ces crocodiles s'étaient attaqué, ils n'auraient même pas eu de quoi humecter leurs dents, puisque même vingt boeufs, ils les ont mangés dans le temps qu'il faut pour griller une sauterelle. Et que n'en aurait-il pas été s'ils avaient eu un homme !

De la rencontre de Randriamanjakasoavinarivo et de Rafaralahimba- koanosy son cadet, et des bienfaits reçus par les deux frères. -34

Rafaroratra, Randriamanjakasoavinarivo et les vingt-et-un boeufs se remirent en route vers l'est, et ils croisèrent le frère cadet de Randriamanjakasoavinarivo qui voyageait pour son commerce. Rafaralahimbakoanosy était son nom. Quand ils se virent, ils se saluèrent. Puis Rafaralahimbakoanosy, le cadet, prit la parole :

- "Vous êtes heureux, mon aîné, car vous avez obtenu beaucoup de boeufs".

L'aîné :

- "Comment pouvez-vous croire que ces boeufs sont à moi et non à Dieu ?

Le cadet :

- "Mais est-il une seule chose qui n'appartienne à Dieu ?

L'aîné :

- "Certes, il n'est rien qui ne soit à Dieu, mais ces boeufs ne sont pas de nos acquisitions ; ils sont au Dieu qui est avec nous".

Le cadet :

- "Tiens, nous possédons un Dieu qui nous est propre ?

L'aîné :

- "Certes oui, nous avons ici avec nous un Dieu qui nous est propre.

Zandriny :

- "Aiza izay Andriamanitsika izay fa no toa tsy mitondra na inona akery hianao ?

Zokiny :

- "Andriamanitra tsy hitanao izy, nefa mahita sy miaraka anintsika".

Zandriny :

- "Izaho ary nba te-hahita izany Andriamanitrao izany, -ary nba manao ahoana no nataony taninao ?

Zokiny :

- "Izaho no tsy lanin'ny mamba sy babon'ny fahavalo ^otany ny fandroaha-ko irery ireto onby betsaka ireto sy izaho no hitanao toy izao, dia noho ny Andriamanitra hiany.

Zandriny :

- "Ka iza noa no anaran'izany Andriamanitrao izany ?

Zokiny :

- "Rafaroratra Andriamanitra no anarany. Izy no niaro ahy ^otany ny mamba, izy no nanonjy ahy ^otany ny fahavalo, izy nanonjy ahy ^otany ny nosary. Izany no herin'ny Andriamanitra leitsy.

Zandriny :

- "Aoka koa nba hanome voninahitra ny Andriamanitrao aho, ka hiray Andriamanitra isika mirahalaha, raha azo atao, sa tsy azo atao ?

Zokiny :

- "Ka ny hafa aza raha hanome voninahitra azy hekeny ka mainka fa hianao ^oiraitan-po aniko fa aoka hilaza aniny aho aloha.

35-

Dia nivavaka sy nitalaho ^otany ny Andriamanitra izy ka nilaza izany. Dia niteny Rafataka Andriamanitra hoe :

- "Ny hafa fonenana aza horaisiko raha niantso ahy, ka mainka ^ony raitampo aminao.

Le cadet :

- "Mais où est-il donc ce Dieu à nous, que vous semblez ainsi ne rien porter ?

L'aîné :

- "C'est un Dieu que vous ne voyez pas, mais qui nous voit et qui est avec nous.

Le cadet :

- "Eh bien ! j'aimerais bien voir ce Dieu à vous, et comment se conduit-il à votre égard ?

L'aîné :

- "Si je n'ai été ni mangé par les crocodiles, ni emmené en captivité par les ennemis, alors que j'étais seul à conduire tous ces boeufs, et si maintenant vous pouvez ne voir comme je suis, c'est uniquement grâce à mon Dieu".

Le cadet :

- "Quel est donc le nom de votre Dieu ?

L'aîné :

- "C'est divin Rafaroratra qu'il se nomme. C'est lui qui m'a protégé des crocodiles, c'est lui qui m'a secouru contre les ennemis, c'est lui qui m'a secouru contre la faim. C'est en cela, vois-tu, que réside la puissance de mon Dieu".

Le cadet :

- "Si cela est possible, permettez que j'honore votre Dieu et que nous ayons entre frères le même Dieu. Ou bien est-ce impossible ?

L'aîné :

- "Puisque même si d'autres veulent l'honorer, il les acceptera, à plus forte raison vous qui êtes mon propre frère utérin, mais attendez d'abord que je lui en parle".

Il pria et implora Dieu et lui fit part de cela. Divin Rafataka (1) -35 prit la parole :

- "Je recevrai même ceux qui sont d'un autre terroir, s'ils m'appellent. Et à plus forte raison celui qui a la même mère que vous.

1) Même lapsus.

- 36- Dia hoy Andriananjakasoavinarivo^o tany ny zandriny :
- Manaiky handray anao ny Andriananitra.
Zandriny :
- "Hataoko ahoana re ity volan'olona nanidy entana, fa maty antoka anin'ity aho ?
Zokiny :
- "Tsy ho lany tsinona ny volan'olona, fa tsy miato-tena isika aty andalana.
Zandriny :
- "Na izany aza dia efa mati-antoka ariary 7 aho izao, fa efa nahalania tany an-tanàna nanidiko lanba ho an'ny vadiko aman-janako.
- 37- Nony nahare izany rosaka izany Andriananitra, dia niteny tanin' izy roalahy hoe :
- "Aza malahelo hianareo mirahalaha fa ao aloha ao ny haolo.
- 38- Ary nony tonga tao Iniadanihitsiny, dia nahita haolo betsaka tokoa izy roalahy. Dia hoy Rafaroratra :
- "Firy no ho oneko anareo mirahalaha ?
Dia hoy Randriananjakasoavinarivo :
- "Izay foinao tompoko e", niantse an'Andriananitra.
Dia nomeny onby 300 izy mirahalaha.
- 39- Ary nony nandcha andro roa izy ireo, dia hoy Rafaroratra :
- "Andio^o any ny mpivarotra ny ombinareo roalahy !".
Ary nony nandcha kelikely dia nifanena tanin'ny mpivarotra, dia nanidiny ny onby 300, ka nataony ariary 4, sikajy 2, eranambaty 6 niho-didina ka ariary 1300, sikajy 0, eranambaty 0, variaraiventy - no vidiny izy rehetra. Dia faly izy mirahalaha fa navesatra ny vola.
- 40- Ary nony azon'ny mpivarotra ireo onby ireo, dia nba nipetraka tsara hiany herinandro. Dia faly izy fa nanantena hahazo tonbony ; kanjo nony noroahina teny an-dalana, ka nokapohin'ny mpiandry, sy

Alors Andriamanjakasoavinarivo dit à son cadet :

-36

- "Le Dieu accepte de vous recevoir".

Le cadet :

- "Comment puis-je faire pour l'argent d'autrui avec lequel j'ai acheté des marchandises, car je vais faire une perte sèche avec ça ?

L'aîné :

- "Mais l'argent d'autrui ne sera pas dépensé puisque nous n'avons pas à pourvoir à notre entretien pendant le voyage."

Le cadet :

- "Même dans ce cas-là, je fais déjà une perte de sept piastres, car, quand j'étais encore au village ; j'en ai déjà prélevé pour acheter des toges à ma femme et à mes enfants.

Quant Dieu entendit cette conversation, il s'adressa aux deux hommes en ces termes :

-37

- "Vous les deux frères, soyez sans crainte, car un peu plus loin il y a des boeufs sauvages".

Et quand ils arrivèrent à Imiadianihitsiny, les deux hommes virent effectivement un grand nombre de boeufs sauvages et Rafaroratra dit :

-38

- "Combien vous en donnerai-je, à tous deux ?

Randriamanjakasoavinarivo répondit en s'adressant au Dieu :

- "Ce qu'il vous plaira, Monsieur".

Alors il donna trois cents boeufs aux deux frères.

Après une étape de deux jours, Rafaroratra dit :

-39

- "Vendez vos boeufs aux commerçants".

Et peu après ils rencontrèrent des commerçants et ils vendirent les trois cents boeufs en les notant tous à 21,65 F; pour l'ensemble ils reçurent donc 1300 piastres. Les deux frères étaient heureux, car l'argent pesait lourd.

Et quand ces boeufs furent remis aux commerçants, ils se tinrent bien tranquilles pendant une semaine. Les commerçants étaient contents car ils espéraient en tirer bénéfice. Mais à leur grande surprise, quand on poussa les boeufs sur le chemin et que les bouviers les frappèrent et

-40

nasiandefona, dia riatra nandositra daholo izy rehetra ka tsy nisy voa-
tana na iray aza, fa

" Onbiranga voatora-defona mon,

Ka any an-tsakalava no nifampiangry".

Dia nalahelo mafy ny upivarotra tonpon'ireo omby ireo, fa very fanana-
na betsaka, fa vola ariary 1300 mon no very ka aiza no tsy hifia-
dranonaso, fa izy mirahalaha kosa, dia faly fa nahazo ny vola.

41- Izany no voalohan-panomezana azon'izy mirahalaha tamin-dRafaro-
ratra Andriamanitra.

42- Rehefa nandroso ^otany ny nalahany hiary izy ireo, dia ny omby
no nampibabeny ireo vola ariary 1300 ireo, fa navesatra ka tsy zakan'
izy roalahy. Dia nianpy hiary ny hafalian'izy roa lahy fa nanana ny
omby nitondra ny ontana ka tsy sahirana.

43- Ary nony afaka kely, dia lany ny vary sy ny hena nentin'ny omby
fa indray homana no sisa, dia nirahin-dRafaroratra Andriamanitra in-
dray ny omby 10 hirenby.

44- Rehefa nandeha ireo omby 10 ireo, dia nahita olona maro nitondra
vary. Dia nihazakazahin'ireo omby ireo ny mpitondra vary, dia narian'
ireo olona ireo ny vary, ka nilaozany nandositra niaro tena.

45- Dia noraisin'ny omby ^otany ny tandrony ny vary ^otany ny sobiky
voatampina sy voazaitra mafy.

46- Dia lasa ireo omby 10 ireo, ka sany nilanja vary teny an-tandrony
avokoa, dia gaga ny olona mpitondra vary ireo ka sany loa-bolana hoe:
- "Andriamanitra ireny omby ireny fa tsy omby tsiakory".
Dia tsy sahy namonjy ny vary izy ireo, fa nijery fotsiny.

les touchèrent de leurs sagaies, tous au grand complet prirent la fuite et l'on ne put en retenir aucun, puisque :

" boeufs sauvages frappés par la sagaie, dit-on, c'est en pays sakulava " qu'ils se donnent rendez-vous".

Les marchands maîtres de ces boeufs en eurent une grande peine, ayant perdu une grande richesse. Comment en effet ne pas verser de larmes quand c'est une somme de treize cents piastres qu'on a perdu. Quant aux deux frères, ils étaient heureux d'avoir obtenu l'argent.

Tels furent les premiers cadeaux obtenus de divin Rafaroratra -41
par les deux frères.

Quand ils reprirent leur marche, c'est aux boeufs que les deux -42
hommes firent porter ces treize cents piastres, parce qu'elles étaient lourdes et qu'ils ne pouvaient les porter. La joie des deux hommes fut encore plus grande, car ils possédaient les boeufs qui portaient les fardeaux et ils n'avaient pas à s'en préoccuper.

Et peu après, le riz et la viande que portaient les boeufs tirè- -43
rent à leur fin, et il n'en restait plus que pour un repas. Divin Rafaroratra envoya cette fois-ci dix boeufs pour chercher du butin.

Quand ils se furent mis en route, ces dix boeufs virent beaucoup -44
de gens qui portaient du riz. Ces boeufs coururent sus aux porteurs de riz, et ces gens lancèrent le riz par terre et l'abandonnèrent pour fuir et se mettre à l'abri.

Alors les boeufs prirent avec leurs cornes les grandes corbeilles -45
bien fermées et bien cousues, qui contenaient le riz.

Puis les dix boeufs partirent et chacun d'eux portait du riz sur -46
ses cornes. Les porteurs de riz furent étonnés, et chacun dut reconnaître à haute voix :

- "Ces boeufs sont des Dieux et non seulement des boeufs".

Ils n'osèrent défendre le riz et se contentèrent de regarder.

- 47- Ary nony tonga ny onby sy ny ^oamboan-dRafaroratra nitondra ny fotsin-bary betsaka, dia nilaza izay nalehany ny ^oamboan-dRafaroratra hoe :
- "Gaga ny olona nahazahonay itony vary itony, ka loabolana hoe, "Tsy onby hiany ireny, fa Andriamanitra koa".
- 48- Dia gaga koa izy roalahy, fa tsy Rafaroratra intsony no io nite-ny io, fa ny ^oamboany tsy hita-naso, ka niherikerika foana teo izy roalahy fa tsy nahita izay niteny aniny. Dia niteny tamin'ny Rafaroratra, ka nanao hoe :
- "Tsy hafa no niteny taminareo roalahy teo, fa ny ^oamboako sy ny aveloko hiany".
- 49- Rohefa voalazan-dRafaroratra Andriamanitra tamin'izy roalahy izany, dia vao nitsatoka (nionina) ny fony, dia naka-kitay izy ka nahazo betsaka.
- 50- Dia niteny Randriananjakasoavinarivo ka nanao hoe :
- "Tsy nisy afo ity, ka hataontsika ahoana ?
Fa hoy Rafaroratra Andriamanitra :
- "Alaovy ny hazomaina, ka loahy, dia fosero ^oany ny nanany dia hisy afo".
- 51- Dia nandoaka hazo maina izy roalahy, ka nofoseriny ^otany ny hazo hafa, dia nisy afo.
- 52- Izany no voalohan'ny nahitana afo ^otany ny fositrahazo.
- 53- Dia nahandro vary sy nitono hena izy roalahy, ka sady voky no faly nipoakelika, fa Andriamanitra nitahy, ny hanina azo tsy nana-
tra, ny harena vary tsy nalaina.

Et quand les boeufs et l'esprit de Rafaroratra revinrent portant cette grande quantité de riz blanchi, l'esprit de Rafaroratra raconta leur expédition : -47

- "Les gens à qui nous avons réussi à prendre ce riz, se sont étonnés, et ne purent s'empêcher de dire : Ce ne sont pas seulement là des boeufs, mais aussi des Dieux".

Les deux hommes étaient également étonnés, car ce n'était plus Rafaroratra qui avait ainsi pris la parole, mais son esprit invisible; et les deux hommes regardèrent en vain ça et là, mais ne virent pas celui qui leur avait parlé. Rafaroratra prit la parole et leur dit : -48
- "Celui qui vous a parlé à l'instant n'est autre que mon esprit et non double".

Ce n'est que quand divin Rafaroratra eut dit cela aux deux hommes, que leurs coeurs retrouvèrent leur rythme. Ils cherchèrent du bois à brûler et en rapportèrent beaucoup. -49

Randriananjakas avinarivo prit la parole et dit : -50
- "Il n'y a pas de feu ici, alors comment faire ?
Mais divin Rafaroratra dit :
- "Prenez du bois sec, faites-y un trou, et faites-y tourner un autre bois sec, il y aura du feu".

Les deux hommes firent un trou dans un morceau de bois sec et y firent pivoter un autre morceau, et il y eut du feu. -51

C'est ainsi que l'on obtint pour la première fois du feu par le frottement du bois. -52

Les deux hommes firent cuire du riz et griller de la viande. Ils en furent rassasiés et contents à en faire claquer les aisselles, car Dieu avait donné sa bénédiction, la nourriture on l'avait obtenue sans fatigue, les richesses amassées, on ne s'était pas donné la peine d'aller les chercher. -53

54-

Koa sady homana izy roalahy no nitehaka hoe :

- "Masina, Masina, Masina Andriamanitra Rafaroratra !

Dia nitony indray Rafaroratra ka nanao hoe :

- "Mainka nitorbo ny voninahitra raha tonga any aminareo aho".

Dia hoy izy roalahy :

- "Eny tompoko, fa ny npanjaka hanone voninahitra anao, ary ny vahoaka maro hanaja anao ; koa (1) raha tonga any hianao, iza moa no tsy hidera sy hanone voninahitra anao, fa tongava soa aman-tsara any hiany hianao ry Andriamanitra o !

55-

Rehefa vita izany, dia nandroso ^o tany ny nalehany hiany izy ireo, dia hoy indray Rafaralahimbakoanosy :

- "^oTe-hinan-kona aho izany.

Dia hoy Rafaroratra Andriamanitra :

- "Hamonoako oaby va hianao, sa ny vilaninao no ho fenoiko hena ?"

56-

Dia namaly Rafaralahimbakoanosy hoe :

- "Ny vilany ary, tompoko, no feno".

- "Atoovy ao an-tokoana ary ny vilany (2), hoy Rafaroratra.

Dia nataony izany ; ary nony tonga teo an-tokoana ny vilany, dia hoy Rafaroratra Andriamanitra :

- "Loary ary ny henenareo fa masaka".

Dia nosokafany ny vilany ka indro fa nisy hena masaka feno-vilany tokoa ao.

57-

Dia nibitaka (nihoby) tamin'izay izy, ka nanao hoe :

- "Odre, ry Andriananjakusoavinarivo, fa tonga ho azy ny hena feno-vilany ity ; masaka tsy tenchina ny hanina, tonga tsy nalaina ny hena! Ondre, ity fanomezan'Andriamanitra, tsy firy no soa toy itony ! Tongava huingana any ^o any ny vadiko aman-janako anie aho, mba hahitany itony soa itony, fa ity no fifaliana mamono vava, manoky ny kibo. Alina

1) Ms : koa.

2) Ms : ary ny ny vilany.

Aussi tout en mangeant, les deux hommes s'applaudissaient tout en disant :

- "Saint, Saint, Saint est Dieu Rafaroratra !"

Rafaroratra reprit la parole pour dire :

- "Mon honneur ira encore grandissant quand j'arriverai chez vous".

Les deux hommes répondirent :

- "En effet, Monsieur, car le Roi vous honorera et beaucoup de gens vous respecteront ; et en effet, quand vous y serez, qui donc ne chanterait vos louanges et qui ne vous ferait honneur. Donc parvenez-y bel et bien, ô Dieu !

Après cela, ils poursuivirent leur route, et Rafaralahimbakoanosy dit à son tour :

- "J'ai bien envie de manger de la viande".

Et divin Rafaroratra dit :

- "Vous tuerez-vous un boeuf ? ou bien vous remplirez-vous votre marmite de viande ?

Rafaralahimbakoanosy répondit :

- "Alors remplissez la marmite, Monsieur.

"Mettez donc la marmite sur le feu, dit Rafaroratra.

C'est ce qu'il fit ; et quand la marmite fut posée sur le feu, divin Rafaroratra dit :

- "Servez donc votre viande, car elle est cuite".

Alors il découvrit la marmite et constata qu'elle était effectivement pleine de viande cuite.

Il s'exclama alors et dit :

- "Ça alors, ô Andriamanjakasoavinarivo, voilà qu'une pleine marmite de viande est venue d'elle-même ; la nourriture s'est cuite sans feu, la viande est venue sans qu'on ait eu à la chercher ! Ça alors ! vous avez vu ce cadeau de Dieu ! de tels bienfaits sont plutôt rares. Puissè-je arriver au plus vite chez ma femme et mes enfants, pour qu'ils puissent voir un tel bienfait, car c'est ici l'agréable faveur qui comble la bouche,

nahita mazava, antoandro mazava itoviana, mandry an-tsaha toy ny mipe-
traka an-trano.

Endre ! sendra fiadanana lahy isika itony razoky.

Sady mandihy mipokelika eo Rafaralahinbakoanosy, (fa vao tovolahy moa
izy) ka nanao hoe :

- "Masina, masina Rafaroratra Andriamanitra, etc.. !

58- Izany dihy izany dia tsy avelany, fa ataony isan-dresaka eny an-
dalana rehetra eny.

59- Ary nony naharitra ^otany ny diany izy, dia tonga taty Imerina izy
ireo, ka namantana tao Anbohinanoa, dia nampilaza tamin'Andriamboninena
izy hoe :

- "Milaza aminao izahay, tompoko, fa avy nitsangatsangana nivarotra, ka
sendra an'Andriamanitra, lavahitsiny, ka mamandre anao, tompoko, mba
ho lazainao ^oany ny zanakao Andrianampoininerina ; fa tonga aty Rafata-
ka Andriamanitra, avy any Inenabe, tao anatin'ny Sakalava, tao anatin'
ny fahavalo, tao anatin'ny ombinanga. Neken'ny fahavalo maro, neken'ny
maro, neken'ny havo, neken'ny fanany, nisehoan'ny afo, neken'ny vi-
lany, fa naharasaka tsy tenehina, nanome hariana ho an'ny mpila, naha-
tonga trano miefitra, nihazona ny rivotra sy ny hatsiaka, nahatanjaka ny
lohalika, tsy nankarary nandeha, Andriamanitra miresaka amin'olombelona.

